# 2020 ANY NKONGSAMBA - KAMERONA

***Nkongsamba dia tanàn-dehibe maitso , mangina sy manoran-dava. Noho izany dia mifoha maraina ny mponin'ny Nkongsamba  hamonjy ny fambolena eny an-tsaha.***

**Masera  Marie  Juliette  RASOAMIAFARA**



**Faly aho tompon'andraikitry ny fampamokarana ny tanin'ny fikambanana.**

**Ny mampalahelo dia tsy lonaka intsony ny tany ka voaterny mampiasa zezika tain'akoho na omby alohan'ny mamboly katsaka na anana isan-karazany mba hahazoana vokatra tsara.**

**Tsy miasa irery aho fa ampian'ny mpiasa roa mandritra ny herinandro amin'ny fiompiana sy ny fambolena fa ny Nôvisy kosa rehefa amin'ny faran'ny herinandro. Izaho ihany koa no miandraikitra ny fanarahana ny asa, ny karama, ny hetran'ny mpiasa. Alahady iray isam-bolana aho mamangy marary ato amin'ny faritry ny Paroasy.**



**Ho an'ny fiompiana bitro dia mila fahaizana ara-teknika satria biby marefo ka mila asa be sy traikefa ihany koa. Na izany aza dia anisan'ny mampidi-bola ny bitro satria eo amin'ny 63000 Ar eo ho eo ny vidin'ny iray ary tonga ao aminay ny mpividy.**



## Masera Arlette TAMO





Mampianatra ny taranja simia amin'ny kilasy faharoa, voalohany sy famaranana, ao amin'ny kôlejy Episkôpaly Mb Jeanne d'Arc n'i Nkongsamba aho ; Tiako ny firaisan-kina sy ny fiaraha-miasan'ny ekipa ao amin'ny Kôlejy.

Ny ankamaroan'ny ankizy dia tena mazoto, milofo ary tanora feno fahavononana sy matsilo saina.

Mikarakara ihany koa ireo miomana amin'ny batemin-dehibe taona faharoa ao amin'ny paroasy ihany koa aho. Ary mitantana ireo tanora zazavavy eto Nkongsamba sy ny manodidina izay te hiditra ato amin'ny fikambanantsika ihany koa aho. Toy ny anadahy sy rahavavy ireo tanora ireo. Mampirisika azy ireo aho hikaroka ny toe-tsain'ny firahalahiana amin'ny fanampiana azy ireo hamela sy hihavana isaky ny misy disadisa miseho amin'izy ireo.

## Masera Samueline RAHARISOA



Tonga taty Kamerona ny 03 septambra 2019 aho. Fandraisana, fitiavana sy hafaliana re izany ! Ny masera rehetra aty Kamerona niantso ahy an-telefônina tena nanohina ahy tokoa . Tonga tao an-tsaiko ny hoe : « Tsy irery aho na dia lavitra an'i Madagasikara, satria ry masera rehetra manotrona ».

Nijanona iray volana tany Yaoundé aho noho ny toe-pahasalaman'i masera Juliette. Ny 12 oktôbra tonga teto amin'ny kôminoten'i Nkongsamba. Nibanjina ny zava-maitso teny amin'ny làlana nolalovana sy manodidina ny trano ihany koa : tsy misy afa tsy zava-maitso ! voninahitra ho an'Andriamanitra Mpahary.

Ny 20 oktôbra nanomana sakafo tsara ny kôminôte-ko ho fandraisana ahy ka hoy aho nivazivazy, « tena fety izany ny aty Kamerona ny Alahady ; tena mahay mankalaza ny andron'ny Tompo ianareo ! » tiako holazaina amin'izy ireo hatraiza ny fahatsapako ny halalin'ny fandraisana ahy

Miasa any amin'ny fivarotan'ny paroasy aho ary mamangy marary eo faritra misy ny kôminôte.Tena tsara fiatomboka ny asam-panirahako !

## Sister Maxceline



Miasa amin'ny toeram-pitsaboana MB ANNE MARIE n'i BONANGOH aho. Ny Alatsinainy sy Talata aho dia ao amin'ny fandraisana olona,amin'ny fitsaboana, any amin'ny labôratoara,fivarotam-panafody na amin'ny fampiterahana.Ny Alarobia manampy amin'ny fanefitry ny ankizy ary ny Zoma mamangy ireo zaza teraka tsy ampy volana. Mijery no tena ataoko satria mbola eo andalam-piofanana aho.



Tsara ny miatrika amin'ny tobim-pahasalamana satria mahita ny fahagagana ataon'Andriamanitra isan'andro amin'ny ain'ny zanany : miatomboka amin'ny fizahana hatramin'ny fahasitranana. Amin'ny fotoana, azoko kokoa ahoana no iainana sy iasan'Andriamanitra eo anivontsika fa matetika tsy tsapantsika. Eto amin'ity toeram-pitsaboana ity dia azo lazaina fa andriana ireo marary marefo.



Isaorako ireo mpiasa amin'ity toerana ity izay tena manome vahana tokoa ny fiofanana ataoko, toeran' izay ifampikasohako amin'ny karazan'olona araka ny faripiainany avy, manan-karena sy mahantra.

Miaraka amin'i Jesoa izay maniraka ahy, mandroso amin-kafaliana aho.

*Ny Kôminôten'i Nkongsamba miaraka amin'ny tanora Nôvisy*